Fampianarana 6
**Fantaro ny tetiandron'ny taom-pianarana 2023-2024**

Kaominina Ivato sy Coach Rôrô 6
**Hitsirika Barea kely**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


FFKM 2
**Fihaonambem-paritra 5 amin'ny 35 sisa tsy vita**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 6 jolay 2023 Laharana 1451 Vidiny : 600 Ar


Miala Rajoelina 3

## Filoha vazaha nanafina izany tamin'ny mpifidy

**J - 65**

Tsy rariny nataon'ny PAC Mahajanga 6

## Tsy niasa avokoa ny vadintany manerana ny Nosy omaly

HUISSIER DE JUSTICE

Ambovombe Androy 3

## Mijaly ny mponina tsy mandeha ny jiro na andro na alina




Akany Tangaina Akany Fialofana 2

## Nahazo fanampiana avy any dilambato



Festival des baleines 2023 6
**Ho avy hanentana i Julien Le Pers ray mpiahy**

Famaranana "Orange Pro-League" 5
**Ho tolorana 15 tapitrisa Ar izay ho mpandresy**

Daka kely

Ataon'ireo solombava fakana S faramparany sisa ialahy isany ry Boaikely a !

Akany Tangaina Akany Fialofana

# Nahazo fanampiana avy any dilambato



Ramatoa Sahondra, nanolotra fanampiana tao amin'ny Akany Tangaina Akany Fialofana.

Nahazo fanampiana avy any dilambato ireo zaza kamboty tezaina ao amin'ny Akany Tangaina Akany Fialofanana, ao Antananarivo Atsimondrano. Malagasy monina any ampitandranomasina Ramatoa Sahondra, no mandalo eto antanindrazana amin' izao fotoana izao . Tsy tafandry mandry ny tenany, ka tonga nanolotra fanomezana ho an'ny Akany Tangaina Fialofana mitaiza zaza kamboty ao Ampitatafika, izay eo ambany fiahian'ny fiangonana FJKM, mitaiza ankizy kamboty miisa 26. Marihina fa beazina ao anatin'ity akany ity ireo zaza ireo, ka manomboka eo amin'ny faha-5 taona mandrampahalehibeny ahafany mamelona ny tenany sy tafita amin' ny fianarana . Manoloana ny fanomezana izay nataon-dRamatoa Sahondra, faly sy ravo ireo tompon'andraikitra ao amin'ny akany sy ireo ankizy kamboty nandray izany, satria dia ho afa-pahasahiranana izy ireo .

**Helisoa**

Lisi-pifidianana

# Hifarana anio 6 jolay ny hahafahana misoratra any amin'ny biraom-pokontany

Hifarana anio 6 jolay ny hahafahana misoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana any amin'ny biraom-pokontany manerana ny Nosy.
Anio sisa, no hijanonan' izany lisi-pifidianana izany any anivon'ny Fokontany. Naverina tany anivon'ny Fokontany ny lisitry ny mpifidy, nofaranana ny 10 jona 2023 lasa teo. Hifarana anjio alakamisy 06 jolay 2023 ny fotoana hahafahan'ny olom-pirenena misoratra anarana any anivon'ny biraom-pokontany raha tsy mbola nanao izany.
Hatramin'ny anio koa no fe-potoana ahafahana manamarina izay mombamomba anao voasoratra ao anaty lisitra, sao sanatria misy diso na latsaka izay voasoratra.
Hifarana anio 6 jolay koa ny fahafahana mametraka fitarainana raha efa nisoratra kanefa tsy mbola ao anaty lisitry ny mpifidy.
Na koa manao fanoherana amin'izay anaran' olona fantatra fa tsy tokony ho voasoratra ao anaty lisitra kanefa hita ao.




Lisi-pifidianana any anivon'ny fokontany.

**Isambilo**

FFKM

# Fihaonambem-paritra 5 amin'ny 35 sisa tsy vita



Finaonambem-paritra 5 amin'ny 35 sisa tsy vita amin'ny fihaonambem-paritry ny FFKM : Fiombonamben'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara. Ho an'ny FFKM, mizara faritra miisa 35 ny azy ireo no hamaritany an'i Madagasikara. Omaly alarobia, tany Tsiroanomandidy faritra Bongolava no nandray izany fihaonambem-paritra izany. Araka ny fantatra, amin'ny faran'ny volana aogositra, na ny voalohandohan'ny volana septambra ho avy izao, no hanatanterahan'ny fihaonambem-pirenen'ny FFKM ity. Mandray anjara amin'ny raharaham-pirenena ny FFKM ankehitriny, anisan'ny voaresaka mandritra ny fikaonandoham-paritra izao, ny momba ny resaka fifidianana : ny olana amin'izany, sy ny fanatsarana tokony hatao. Hanara-maso izany fifidianana ho avy hatao eto amintsika amin' ity taona ity izany koa ny FFKM. Havondrona amin' ny fihaonambem-pirenena io avokoa ireo fehinkevitra rehetra azo mandritra ireo fihaonambem-paritra miisa 35.

**Niaina**

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Andrasana ny didim-panjakana manaika ny mpifidy

Andrasana fatratra amin'izao fotoana ny didim-panjakana havoakan'ny governemanta manaika ny mpifidy handatsa-bato amin'ity taona ity, indrindra ny momba ny fifidianana filohampirenena. Efa ho efabolana mahery ny CENI : vaomireram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana no nanolotra soso-kevitra ny amin'ny daty hanatanterahana izany fifidianana filohampirenena izany, ary efa nankatoavin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana (HCC) izany. Hatramin'izao anefa mbola tsy namoaka ny daty tena ofisialy ny fitondram-panjakana. Nanambara ny ministra tompon'andraikitra, ny ministry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana afak' omaly, fa tsy ho ela intsony dia hamoaka izany datim-pifidianana izany ny governemanta. Efa vonona amin'ny fanampiana ny mpiara-miombon'antoka, amin'ny alalan'ny « basket-fund ». Tsy ny mpanao politika, sy ny antoko politika ihany no miandry izany fanaikana ny mpifidy handatsa-bato izany, fa na ny fiarahamonim-pirenena, eny ny olontsotra dia efa samy miandry izany daty izany avokoa. Io no fotoana iray hitsaran'ny vahoaka tompom-pahefana ny mpitondra tsy mahomby amin' izao fotoana, izay tarihan'ny filoha vazaha Andry Rajoelina. Noho ny finiavany naka ny zom-pirenena Frantsay, misy ireo mihevitra fa tokony tsy havela hirotsaka hofidiana intsony izy amin'ny fifidianana ho avy. Misy ihany koa anefa ireo nanambara fa tokony havela ihany izy hifaninana amin'izany fifidianana hatao amin'ity taona ity izany, ka eo no hamaizan'ny vahoaka mpifidy azy amin'ny alalan'ny fifidianana, satria filoha tsy mahavita azy, mpamitaka sy mpandainga ary mpampijaly vahoaka koa. Misy ny milaza fa mbola hangala-bato izy ireo, heverina fa efa samy mailo avokoa ny rehetra amin'izao fotoana, fa tsy toy ny tamin'ny 2018 intsony, ka ho voasoroka amin'ny fomba rehetra izay mety ho endrika fangalaram-bato rehetra.

**Isambilo**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Michel A.

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Rivo R.

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. J- 65

# Filoha vazaha, nanafina izany tamin'ny mpifidy

Mbola adihevitra tsy misy fijanonany eto amin'ny Firenena ny momba ny fifidianana, roa volana mahery kely, 65 andro (J- 65), mialohan'ny tsy maintsy hametrahan-dRajoeina Andry Nirina fialàna raha hirotsaka kandidà na ho afaka hirotsaka izy raha sahy hamoaka didy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, noho ny maha vazaha frantsay azy, satria efa nanary ny zom-pirenena malagasy izy. Ny mampisalasala ny olompirenena na mpanao politika na fiarahamonim-pirenena dia ny fizotry ny fanomanana ny fifidianana eo amin'ny lafiny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy sy ny tsy fahampian'ny vola ary ny tsy mbola namoahan'ny governemanta didim-panjakana manamafy ny daty natolotry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) hatramin'izao. Etsy an-kilany koa dia na dia mitabataba etsy sy eroa aza ny mpanohana an-dRajoelina Andry Nirina, fa tsy maintsy ho lany izy amin'ny fifidianana dia tsy mbola nisy sahy nanambara fa ho kandidà izy. Na inona na inona koa fiarovan'ny ao an-dapa fa rà malagasy no mikoriana ao anatin-dRajoelina Andry Nirina dia toy izany daholo ireo Malagasy mizaka ny zom-pirenena vahiny, saingy tsy azo ekena raha filoham-pirenena no vazaha sady nanafina izany tsy ho fantatry ny vahoaka nifidy azy, satria na tiana na tsy tiana dia mpanjanaka ary mpamita-bahoaka izy tao anatin'izay efatra taona sy tapany mahery nitondrany izay. Ny zava-doza mitatao eo ambony lohan'ny Malagasy ihany koa dia ny fanambaran'ny filohan'ny Antenimierampirenena, fa efa tafapetraka ao amin'ny birao maharitra ny toloдalàna hanitsiana ny andininy faha-42 ny Fitsipika Mifehy ny zom-pirenena (Code de nationalité). Mbola tsy miteny ireo manampahaizana momba ny lalàna momba izany toe-javatra izany kanefa azo inoana kosa, fa tsy maintsy hisy hijoro izy ireny satria misy ny manam-panahy sy sahy mijoro amin'ny fahamarinana ary mamotsipotsitra ny fanitsakitsahana ny lalàna manankery, fa miandry ny fotoana mahamety izany. Iaraha-miaina tokoa mantsy ny antsojay sy fanenjehana ataon'ny fitondrana amin'ireo sahy mampaneno lakolosy sy mamotsipotsitra ny fivilian-dàlana fanahy iniana ataon'izao fitondrana izao, ka tsy maintsy alaina ambony alaina ambany izay fomba entina manao izany. Efa izao tontolo izao amin'ny alàlan'ny ny tambazotran-tserasera no mamaky bantsilana ny maha vazaha frantsay an-dRajoelina Andry Nirina, ka fotoana kosa izao ho an'ny olompirenena andraisana andraikitra hanoherana ny fitadiavana hirika hitazonana na hanekena ny firotsahany ho kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenena ho avy izao. Fantatra amin'ny ataony sy ny hetsika karakarainy etsy sy eroa ny nangatahin'ireo mpiaradia aminy, ireo mety ho kandidà amin'ny fifidianana Filoham-pirenena, fa tsy mbola nisy sahy nanambara amin'ny fomba ofisialy ny firosoany amin'izany. Ny Filoha Ravalomanana Marc, no efa namaly ny fangatahan'ny mpikambana ao amin'ny antoko TIM fa hirotsaka. Ny vina voarakitra ao anatin'ilay « Madagasikara Action Plan » nohatsaraina no hoentiny mampandroso ny Firenena ary nanao antso avo izy, mba tsy hisy ny fanilikilihana sy fanakatonam-baravarana, fa hiray hina ny Malagasy amin'ny fanatanterahana ny « MAP PLUS ». Raha resaka fifidianana ihany dia misy roapolo mahery ny kaominina tsy manana ben'ny tanàna satria nofoanana ny fifidianana tamin'ireo kaominina ireo ary manitsakitsaka lalàna foana izao fitondrana izao, satria tsy nataony mihitsy ny fifidianana kanefa lany amin'ity taona ity koa ny fepotoana hiasan'ny ben'ny tanàna. Volana vitsy lasa izay dia nanambara Rajoelina Andry Nirina, fa manao fanapariaham-pahefana tena izy (décentralisation effective), tsy toy ireo Filohampirenena teo aloha. Nanaitra anefa omaly fa izay vao tena hiroso haingana amin'ny fitsinjaram-pahefana indray, hono, izao fitondrana izao. Tsy manjaka eto ny fitsinjaram-pahefana raha mbola governora tendrena ny Lehiben'ny Faritra fa tsy olomboafidy, ary raha tsy misy ny rafitra Filankevitry ny Faritra, torak'izany koa ny eo anivon'ny Faritany. Ka hihazakazaka ho aiza ary inona indray no ao ambadik'izany hevitra naroson-dRajoelina Andry Nirina sy ny forongony izany ? Heverina fa ho tambatambazana sy ho tampena-maso amin'ny vola ambonin' ny nanomezana kodiaran-droa indray ny ben'ny tanàna rehetra ka hiaro sy hanohana ary hangataka azy hirotsaka kandidà, satria samy olomboafidy sady samy rà malagasy no mikoriana ao anaty.

*Andry Tsiavalona*

**ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)**

# Manana ny lamina atolotra momba ny tsena

Eny an-tsena rehetra eny, n'aiza n'aiza toerana samihafa, dia saika tsikaritra ny fisian'ny tsy fahamarinana, toy ny eo amin'ny resaka hala-danja, na fanamboamboarana ny entana amidy hanodoka ny mpanjifa mba ho voasarika. Ny mahavariana, maro no mahafantatra izany, fa zary mijery fotsiny, ary ny ratsy, lasa zatra izany ny toe-tsain'ny mpiara-monina. Lasa fiainam-piarahamonina mihitsy aza ilay toe-javatra. Tsy amin'ny entam-barotra eny an-tsena ihany fa hatramin'ny fitaovana ampiasaina ihany koa. Anisan'izany ny mizana sy vato fandanjana. Nisy fotoana nidina teny ifotony nanara-maso ireny fitaovana ireny ny tomponandraikitry ny varotra, ka maro ireo tsy nanaja ny fenitra no tratra tamin'izany. Na amin'ny sehatra hafa ihany koa aza dia misy io tsy fanajana ny fenitra io, kanefa zary lasa fiainam-piarahamonina sy mahazatra. Lasa lavitra anefa io toe-javatra tsy ara-dalàna io eto amin'ny firenena, ary tsy hita soritra izay ezaka hanitsiana azy hiverina amin'ny fahamarinana.



Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia manome lanja tanteraka ny famerenana ny zava-misy ho amin'ny fahamarinana indray eto amin'ny firenena. Ao amin'ny Andry Fototra sivy natsangany, izay natao hamerenana ny fifampitokisana eo amin'ny samy mpiray tanindrazana, dia misy ny Ivo momba ny fenitra. Mbola misy hafa ihany koa Ivo mifandraika amin'ny varotra sy ny resaka fanjifana. Hanova tanteraka ny sehatry ny tolotra sy ny tinady amin' ny endriny vaovao ny tanjony, ka hametraka lamina vaovao mifamatotra amin' ny soatoavina maha malagasy, fa tsy miankindoha amin'ny lamina tranainy hatramin'izay napetrak'ireo firenen-dehibe matanjaka ara-toekarena. Ireto farany aza efa miatrika fahasahiranana ihany koa eo amin'io sehatra io amin'izao fotoana izao na dia tsy hita miharihary aza. Mazava loatra, manafina izay ny seraserambaovao tandrefana na takonana ny tena zavamisy marina. Tsy maintsy manova lalana isika raha te hiàla amin'izao toerana misy ny firenena izao, ary mitaky fanapahan-kevitra hentitra amin'ny olom-pirenena tsirairay izany. Arakaraka ny fanaovana andraso andraso lava sy ny manantena tsy misy no miteraka fihemorana sy fahataran'ny firenena aman-taonany amin'ny fivoarana sy fandrosoana. Manome tolo-tanana sy mitondra ny anjara birikiny ny AFK hanavotana ny firenena. Ny olom-pirenena vonona hijoro no sisa andrasana. Fifandraisana 034 17 460 53.

*Aris*

Ambovombe Androy

# Mijaly ny mponina, tsy mandeha ny jiro na andro na alina

Tena mijaly tokoa amin'izao fotoana ny mponina any Ambovombe Androy noho ny tsy fandehanan'ny jiro any an-toerana. Araka ny vaovao voaray avy any amin'ity renivohitry ny faritra Androy ity, tena tsy misy ny jiro na andro na alina. Talohan'ny fetim-pirenena farany teo, sy nandritra izany, no mba nandeha tapakandro ny rianaratra, fa amin'izao tena tsy mandeha intsony izany. Sahirana avokoa ireo sokajin'asa rehetra any an-toerana, azo lazaina ho miato tanteraka ny asa rehetra any noho izany. Mitaraina amin'ireo tompon'andraikitra ny mponina, satria ankoatra ny tsy fahampian'ny rano dia izao olana izao koa ny jiro any amin'ity tanàna ity.

*Stefa*




*Ny tanànan'Ambovombe Androy.*

## TONONKALO

### ILAY FIANJERANA MIEZINEZINA

Mihamaizina ny sary , miharatsy ny tantara,
Tena tsy avotra intsony ny filohan'ny mapara.
Hadisoam-panantenana, izay no hita sy tsikaritra,
Fa tsy voaongana indray ireo olon'ny « birao maharitra » !

Tena tsy nahomby intsony ireo karazam-panambazana
F'efa tonga kosa angamba ny fotoana fifohazana ,
Ka dia nisy, tena nisy tamin'iretsy maro an'isa
No indreny fa nandà ny rodobe fanaon'ny gisa !

Maina molotra tanteraka ireo nikasa ny hanongana,
Satria noheveriny ireo « efatra » fa dia toy ny « sary vongana »
Ka ho mora ny hibata sy hanongotra azy ireo
Rehefa betsaka ny saosy ka mitambatra ny feo !

...Namono tsy nahafaka aina ka ny tohiny no lalina,
Fa vao mainka ho tena maizina sy hikitroka ny alina.
Ireo olo-nianteherana efa tena tsy hay fehezina,
Ka tsy ho ela dia hiseho ilay FIANJERANA MIEZINEZINA !

*TSIMIMALO (03-07-23)*

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Rajepa, Helisoa

**Ny fanamasinana ny Eveka Mpanampy, Mgr Rakotojaona Jean Nicolas, tany Morondava faritra Menabe ny alahady teo.**









**Ny fahatongavan'ny Ankoay U19 teny Ivato afak'omaly, avy niatrika ny fiadiana ny amboaran'ny ho tompon-daka eran-tany amin'ny basket-ball, natao tany Hongrie.**









## NY TENY FIAINANA

*"Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka amiko eo ambonin'ny seza fiandrianako dia tahaka ny nandreseko kosa sy ny niarahako nipetraka amin'ny Raiko eo ambonin'ny seza fiandrianany."*
***Apokalypsy 3:21***

### Ankoay U 19 tany Dubrecen Hongrie

# Notsenaina am-boninahitra teny Ivato



Fitsenana ny Ankoay U 19 teny Ivato.

Notsenaina am-boninahitra teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato tamin'ny talata 04 jolay atoandro teo, ny delegasiona basikety Malagasy nisy ny mpilalaon'ny Ankoay lehilahy U19 Malagasy, avy nandray anjara tamin'ny "Mondial basket U19 2023", ka nahazo ny laharana faha-14 tamin'ireo mpandray anjara niisa 16 na dia vao sambany aza i Madagasikara nandray anjara tamin'izany fifaninanana avo lenta izany. Nitarika ny fitsenana azy ireo ny minisitry ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy sy ny minisitry ny fitantanam-bola ary ny minisitry ny filaminam-bahoaka notronin'ny fianakaviamben'ny tontolon'ny taranja basikety Malagasy notarihan'ny avy ao amin'ny FMBB, ireo fianakavian'ireo mpilalao. Nisy ny carnaval natao niainga teny Ivato ho fanomezam-boninahitra sy fihobiana azy ireo, ka tsy nijanona izany raha tsy teny amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina naovana lahateny fiarahabana isan-tsokajiny. Noarahabaina manokana ny mpilalao n° 4 Mathias M'Madi, izay voahosotra ho mpilalao mpampidibaolina be indrindra nandritra ny fifaninanana (169 pts).

***Rainilita***

### Famaranana "Orange Pro-League 2022/2023"

# Ho tolorana 15 tapitrisa ar izay ho mpandresy



Valan-dresaka teny Mahamasina.

Nambaran'ny CFEM mpikarakara ny hetsika "Orange Pro-League, tamin'ny valandresaka mialohan'ny lalao natao ho an'ny mpanao gazety tetsy Mahamasina, tamin'ny talata 04 jolay teo ka natrehan'ny mpikambana ao amin'ny FMF, sy ny solontenan' ireo mpilalao, fa ho tolorana lelavola 15 tapitrisa Ar izay tafavoaka ho mpandresy amin'ny lalao famaranana ho tanterahina etsy amin'ny kianjaben'i Mahamasina amin' ny alahady 09 jolay 2023 hanomboka amin'ny roa ora tolakandro, na ny Fosa Juniors Fc Boeny na ny As Fanalamanga Alaotra Mangoro, izay samy nanambara fa vonona hisalotra ny anaram-boninahitra avokoa ka hampiseho lalao tsara hoan'ny mpijery ho tonga eny Mahamasina. Samy hahazo ny anjaram-bola tandrify azy kosa ireo ekipa 16 nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity.

Mialohan'ny lalaon'ny roa tonta dia hanao lalao fanokafam-bavony ny ekipan'ny mpitantana CFEM, sy ny ekipan'ny Ben'ny tanànan'Analamanga. Marihana fa nahazo alalana hanao fanazaran-tena mifandimby eo amin'ny kianja "Terrain annexe Mahamasina" izy ireo amin'ny alakamisy 6 sy zoma 7 jolay amin'ny 12 ora atoandro sy amin'ny 2ora tolakandro ary hitsapa ny kianjabe ao Mahamasina amin'ny sabotsy 8 jolay tolakandro amin'ny 3 ora sy amin'ny 5. Fantatra fa azo vidiana mialoha amin'ny alalan'ny ticket place ny tapakila fidirana, izay ho 10.000 Ar eny amin'ny Tribune ary ho 5000 Ar eny amin'ny Gradins. Hivoha manomboka amin'ny 11ora30 maraina ireo vavahady fidirana ao Mahamasina amin'ny andron'ny alahady 09 jolay hanatanterahana an'ity lalao famaranana ity, izay hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ary hahazo ny anjaram-bola tandrify azy araka ny laharana azony avy koa ireo ekipa 16 nandray anjara tamin'ny fifaninana.

***Rainilita***

### 1/4-dalan'ny "Rugby XXL Energy Top 20 2023"

# Amin'ny alahady izao no fotoana eny amin'ny Makis



USA Ankadifotsy rugby.

Hafanafana ara-bakiteny eny amin'ny kianja Makis amin'ny alahady 09 jolay 2023 ho avy izao, fotoana hanatanterahana an'ireo lalao ampahaefa-dalan'ny fifaninanana "Rugby XXL Energy Top 20 2023", satria samy fifanandrianana goavana avokoa no hiseho amin'io andro io.

Fandaharam-potoana :
09:00-Cosfa Miaramila # Stm Savonnerire,
11:00-Ftm Manjakaray # Usa Ankadifotsy,
13:00-Tfa Anatihazo # Uscar Commune,
15:00-Tam Anosibe # 3Fb Fahasalamana.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa ritra** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafodin'ny hemorroïdes ny ravitoto

Fanafodin'ny hemorroïdes ny ravitoto, izay indray no Mahasoa eto amin'ny gazeztinao androany.
Reraka be loatra, mihinana sakay, mafy tay, mihinana menaka be, sns… no tena mampihetsika azy.
Fanafody natoraly fitsaboana azy :



Ny akora ilaina :
RAVITOTO (ravi-mangahazo efa voatoto).
Rano
Fitaovana ilaina :
Vilany
Pô (tavy mandry)
Fikarakarana azy :
atao anaty vilany ilay ravitoto, atao be rano ary ampangotrahina rehefa mangotraka be ilay izy dia atao anaty pô (ary saronana mba tsy ho lasa ilay entona mamay).
Rehefa vonona, dia mipetraka eo ambony pô toy ireny manao maloto ireny ( aborotsaka ny silipo, sns… fa tsy manao maloto akory.
Rehefa mipetraka eo ambony pô dia ilay ENTONA MAMAY INY NO TENA MANASITRANA ILAY HEMORROÏDES.
Mila miharitra satria tena mamay, sy toy ny misy manindrona izay io noho ilay entona mamay.
Fa rehefa tena tsy zaka dia mitsangana kely maka aina ary miverina mipetraka indray.
Ataovy mandritra ny 3 andro io, raha mbola tsy misy fahasitranana dia afaka tohizana.
Izay vita tonga dia ariana fa tsy azo hafanaina mantsy iny, ary manao vaovao indray ny ampitso. TSY MISY FATRANY ARAHINA.
Na hémorroïdes anatiny na ivelany dia tokony ho sitran'io avokoa.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Anivorano Est distrikan'i Brickaville faroitra Atsinanana

Ny tanànan'Anivorano Est distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Anivorana Est ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny ampalibe, ny soanambo, ny longoza. Vokatra any koa ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.



**Fampianarana**

# Fantaro ny tetiandro amin'ny taom-pianarana 2023-2024

Nivoaka izao ny tetiandro amin'ny fampianarana ho an'ny taom-Pianarana vaovao ho avy 2023-2024. Navoakan'ny ministeran'ny Fanabeazam-pirenena.

Hanomboka ny 04 septambra 2023 ho avy izao izany taom-pianarana vaovao izany ary hifarana ny 28 jona 2024.
Ny 2 volana voalohany hanomboka ny 4 septambra ka hatramin'ny 27 oktobra 2023.
Ny 2 volana faharoa, hanomboka ny 6 novambra ka hatramin'ny 22 desambra 2023.
Ny 2 volana faha-3, hanomboka ny 8 janoary 2024 ka hifarana ny 1 martsa 2024.
Ny 2 volana faha-4, hanomboka ny 11 martsa 2024, ka hatramin'ny 26 aprily 2024.
Ary ny 2 volana faha-5, hanomboka ny 06 mey ka hatramin'ny 28 jona 2024.
Ny andron'ny sekoly hatao ny 28, 29 febroary ary ny 1 martsa.



*Ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena etsy Anosy.*

Ireo fialan-tsasatra :
28 oktobra ka hatramin'ny 5 novambra 2023.
23 desambra 2023, ka hatramin'ny 07 janoary 2024.
2 martsa 2024, ka hatramin'ny 10 martsa 2024
27 aprily 2024, ka hatramin'ny 5 mey 2024

Ary fialan-tsasatra lehibe, hanomboka ny 29 jona 2024.

***Aly***

Tsy rariny nataon'ny PAC Mahajanga

# Tsy niasa avokoa ny vadintany manerana ny Nosy omaly

Tsy niasa avokoa ny vadintany rehetra manerana ny Nosy omaly, noho ny tsy rariny nataon'ny PAC Mahajanga, nampiditra am-ponja an'i Me Kanto Rakotonantoandro. Tsy rariny ny nataon'ity fitsarana miady amin'ny kolikoly ity, hoy ireo vadintany manerana an'i Madagasikara niray feo. Nanatanteraka didim-pitsarana i Me Kanto, no nolazaina fa nisy resaka kolikoly tao anatin'izany, izay zavatra tsy mitombina. Nisy mpivady nisaraka, nivoaka ny didim-pitsarana tamin'izany fa tokony handoa « pension » amin'ilay ramatoa ilay rangahy. Tsy niatrika io fotoam-pitsarana io ilay lehilahy araka ny vaovao voaray. 2 taona taty aoriana vao nihevitra haka ny « pension-ny » any amin'ilay rangahy amin'izay ilay Ramatoa, ka naka an'i Me Kanto hanatanteraka izany. Tsy nety nanefa izany ilay rangahy, nisy ny fakana zavatra na saisie nataon' ity Ramatoa vadintany ity, tany amin'ilay lehilahy ihany anefa aloha no napetraka io zavatra natao saisie io. Tao anatin'izany no nitory tany amin'ny PAC Mahajanga ilay lehilahy, nilaza fa nisy resaka kolikoly tamin'izao fakana ny fananany izao. Zavatra izay tsy mitombina araky ny voalazan'ireo vadintany, raha misy raharaha mahakasika vadintany hoy izy ireo, tsy ny PAC no tokony hisahana izany fa tokony ho ny « parquet général », satria ny asana vadintany dia miankina amin'ny ministeran'ny fitsarana, amin'ny maha mpiasam-panjakana azy ireo koa. Tsy niasa avokoa noho izany omaly, ireo vadintany sy ireo clercs rehetra manerana ny Nosy, ho firaisankina tamin'i Me Kanto. Mbola ho tantara mitohy izao raharaha izao.




*Sary famantaran'ny vadintany eto Madagasikara.*

***Ny Valosoa***

"Festival des baleines 2023"

# Ho avy hanentana i Julien Le Pers ray mpiahy

Ho avy hanentana ny hetsika amin'ny ankapobeny i Julien Le Pers ray mpiahy ny hetsika "Festival des baleines 2023", ho tanterahina any amin'ny Nosy Boraha na Sainte Marie hanomboka amin'ny sabotsy 15 ka hatramin'ny alahady 23 jolay 2023 ho avy izao. Io no nivoitra tamin'ny valan-dresaka hoan'ny mpanao gazety faharoa nataon'ny mpikarakara ny hetsika, teny amin'ny "Campus Telma Andraharo" omaly alarobia 05 jolay 2023. Mbola nambaran'izy ireo ihany koa, fa efa tonga ao amin'ny ranomasin'i Sainte Marie ireo baleines mpifindra-toerana isan-taona, ka azo antoka ny hisian'ny hetsika "Safari baleines " mandritra an'io "Festival" io ary hiara-dalana amin'izany koa ireo hetsika ara-javakanto hiseharan'ireo mpanakanto maro isan-kariva mandritra ny 10 andro, eo ihany koa ny hetsika ara-panatanjahantena toy ny tsipy kanetibe, beach soccer sy beach volley, ny "tounoi de golf du festival", ny "course des pirogues" ary tsy ho latsa-danja amin' ireo anefa ny "carnaval" na ny "défilés" miisa 2 hatao amin'ny sabotsy 15 sy sabotsy 22 jolay, ka handraisan'ireo fokontany any tan-toerana miisa 15. Koa satria hetsika fizahantany ihany koa ny "Festival des baleines" dia handrasana ny fitsidiahan'ireo mpizahantany nasionaly sy avy any ivelany ny hakanton'ny tanànan'i Ste Marie.



*Ny mpikarakara ny hetsika teny Andraharo omaly.*

***Rainilita***

Kaominina Ivato sy Coach Rôrô

# Hitsirika Barea kely

Hitsirika mpilalao baolina kitra ankizy sy tanora ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo sy Coach Rôrô, izay mlpanazatra ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny baolina kitra, na ny Barean'i Madagasikara. Ny sabotsy 15 jolay ho avy izao amin'ny 9 ora maraina ao an-tokontanin'ny kaominina Ivato, no hatao izany FITSIRIHANA BAREA KELY izany, hiarahana amin'ny Coach Rôrô mpanazatra ny ekipam-pirenena BAREA, hiarahany miasa amin'ny Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa .
Nanambara ny ben'ny tanàna fa : « tongava daholo ny ankizy mpankafy baolina kitra 7 taona no ho mihoatra, hatramin'ny lehibe koa aza. Hamelo-maso ny hoavin'ny ekipam-pirenena Malagasy isika. Eo no hanomezana ny toromarika rehetra mikasika ny fifantenana. Misy koa ny sekolin'ny baolina kitra tantanan'ny Coach Rôrô ho an'ny ankizy sy tanora, » hoy izy.

***Lita***



*Coach Rôrô sy ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa.*

Tsenan-davanila any Sava

# Hanomboka ny 7 aogositra, 21 aogositra ary 17 septambra

Fantatra amin'izao fotoa-na ny daty hanombohan' ny tsenan-davanila maitso any amin'ny faritra Sava.
Niombon-kevitra ny teknisiana sy ny mpamboly ary ny mpandraharaha mpisehatra amin'ny lavanila momba ny daty tokony hanokafana ny tsenan-davanila maitso. Ireo Ben'ny tanàna, mpam- boly, mpanangom-bokatra, mpanondrana lavanila, ny tompon'andraiki- tra avy amin'ny Faritra, ny Prefektiora, DRAE, DRICC, CRV, no nandinika ny daty mety hisokafan'ny tsenan-davanila maitso any amin'ny Faritra SAVA ny zoma lasa teo. Fivorian'ny Komitim-paritra misahana ny fanarahamaso ny fivelaran'ny vonin-davanila (CROF).
Avy amin'ny tombana nataon'ny avy amin'ny sampandraharahan'ny Fambolena no nanaovana ny tolo-kevitra momba ny vaninandro hanombohan'ny taompiotazana sy fivarotana ny lavanila maitso.
Ho an'ny faritra manamorona ny ranomasina dia ny 07 Aogositra 2023, no hanomboka ny tsenan-davanila maitso, raha ny 21 Aogositra 2023 ho an'ny any amin'ny faritra anelanelany. Ny 17 Septambra 2023 kosa ho an'ny faritra be tendrombohitra.
Any amin'ny faritra Diana sy Sofia amin'izao fotoana, mitontongana be izay vidin'ny lavanila izay, ka asa hanao ahoana koa ny any amin'ny faritra Sava ? izay anisan'ny mpamokatra ity vokatra fanondrana ity koa.

***Aly***



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 01/07/2023 hatramin'ny 08/07/2023**

- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 79 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1451-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITSINJARAM-PAHEFANA

# Narafitra ny drafi-pirenena ho fanatanterahana, na ny PNDE

Narafitra teny amin'ny CCI Ivato ary nifarana omaly, ny drafi-pirenena ho fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana, na ny PNDE. Novolavolaina nandritra izany atrikasam-pirenena izany ny tondrozotra ho fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana, natao ny talata sy omaly alarobia, atrikasam-pirenena nampitondraina ny anarana vovonana nasionaly ho an'ny fitsinjaram-pahefana, izay nentina nankatoavana ny drafi-pirenena hanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana miabo na fitsinjaram-pahefana tena izy (PNDE) eto Madagasikara.

Ity vovonana nasionaly ity no dingana farany nankatoavana ny PNDE, taorian'ny fankan-kevitra tamin'ireo mpisehatra ara-panjakana rehetra nanerana ny Faritra rehetra.

Ny PNDE araka izany no ho tondrozotra ho fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana eto Madagasikara, mba ho fampandrosoana ny lafintany sy ny eny ifotony. Nandray anjara tamin'izany vovonana nasionaly izany, ireo solontenam-panjakana, olom-boafidy, fikambanana misehatra eny ifotony.

***Niaina***



*Ireo mpandray anjara tamin'ny fankatoavana ny PNDE.*

Fandaharanasa Initiative PAL

# Hanampy fikambanana tanora



*Afaka manao fangatahana koa ny fikambanana tanora misehatra amin'ny fiarovana tontolo iainana, sy eny ambanivohitra.*

Hanampy fikambanana tanora ny fandaharanasa Initiative PAL, ny tolotra dia ho ana fikambanana tanora niorina tsy nihoatra ny 2 taona ary mitsangana amin'ny fomba ara-dàlana?

Misehatra ao anatin'ireto manaraka ireto: fampandraisana anjara ireo tanora marefo, ady amin'ny fiovan'ny toetr'andro, ady amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy, famoronan'asa ho an'ny vehivavy sy ny vondron'olona marefo, fahasalamana ara-pananahan'ny tanora marefo, fanatsarana ny sehapampianarana ho an'ny ankizy marefo, miasa ho an'ny fiarahamonina any ambanivohitra

Natao ity fandaharan'asa "Initiative PAL" ity, izay karakarain'ny Alternatives Madagascar. Homena vahana amin'izany ireo fikambanana avy amin'ny faritra 23 manerana ny Nosy.

Ho MAIMAIMPOANA ary misy fiantohana feno ireo fikambanana mandray anjara, voafetra kosa ny toerana.


Ny famaliana ny fanontaniana dia tsy manome-toky ny mahavoaray ny fikambanana mandefa izany, misy ireo sivana izay ho tanterahina manaraka ny fanamarinana ireo fepetra izay voalaza ary ny fahatsaran'ny fanehoana ny fandresen-dahatra anatin'ny valim-panontiana. Ny fara-fisoratana anarana dia ny 18 Jolay 2023 amin'ny 5 ora hariva. Rohy fisoratana anarana: https://forms.gle/dfFVGNzzztmfcY1D8

***Stefa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 436**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0435)

***Mitsivalana***
- Taranaka
- Anana – Ao
- Tranonay (miv)
- Bozaka
- Sa – Oty
- Ovy – Fary
- Aina – La

***Mitsangana***
- Tay – Soa
- Anabavy
- Rano – In
- Ozona (miv)
- Nana
- Laoka (miv)
- Karatra
- Toa (miv) – YY

## TENY MIFANAPAKA N° 436




**Mitsivalana**

**1.** 12 volana **2.** Esorina – Marina **3.** Zava-drehetra – Fanadinana an-tsekoly **4.** Filazant-tsara (miv) **5.** Entina manontany (miv) – Tapaka **6.** Karatra matanjaka – Sembana ara-pitenenana **7.** Biby fiompy (miv) – Renintsoratra tsy mitovy **8.** Lavitra hita maso – Tanàna iray **9.** Tsy salama **10.** Rano maloto – Miantso

**Mitsangana**

**A.** Havaozina **B.** Aro orana – Betsaka (miv) **D.** Valam-parihy **E.** Mpanondro manolotra – Naoty – Anaty rano **F.** Isa omena – Fay **G.** Fiandohan'ny lakolosy – Solfa **H.** Maneho fiandohana **I.** Aotra – Ao amin'ny serasera (miv) **J.** Lalam-pirenena **K.** Omen-danja sy voninahitra

### Valiny Teny mifanaraka 0435

**Mitsivalana**

**1**.Mangalatra **2.** Izao - Afina **3.** Vinanto **4.** Sivy (miv) - Elo **5.** Zaridaina **6.** Ina - Mitaky (miv) **7.** Vakana **8.** Ela - Dina (miv) **9.** Zo - Omaly **10.** Matavy (miv) - OO

**Mitsangana**

**A** Mivezivezy **B.** Azy - Volana (miv) **D.** Naniraka **E.** Goavy - ST **F.** Nidina **G.** Latsaka - OM **H.** Afo - Ia - Ma (miv) **I.** Ti - Entina **J.** RN - Lay - Ilo **K.** Aato - Madio

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Mandalo eto antanindrazana Ramatoa Sahondra Malagasy monina any ampitandranomasina . Nanome fanampiana ireo zaza kamboty beazina ao amin'ny Akany Tangaina Akany Fialofana ao Ampitatafika Atsimondrano izy omaly.**















